# MOFONAINA 23 OKTOBRA 2024 – Joba 42:1-6

## FANDAHARANA

- **Salamo 130:1-6**
- **Hira 5 (FFPM)**
- **Vavaka**
- **Hira 482/4.5 (FFPM)**
- **Soratra Masina :** Joba 42:1-6
- **Hira 334/1 (FFPM)**
- **HAFATRA**
- **Vavaka + RZA**
- **Fanekem-Pinoana 1**
- **Hira HF8/2**
- **Tsodrano**

## Joba 42:1-6

### Konteksta

Joba nilaozan'ny fifaliana ary tonga tamin'ny fijaliana. Nilaozan'ny harena ka tonga tamin'ny fahantrana.
**Joba 40-42:** Fihaonany manokana amin'Andriamanitra ka anehoany faharesen-dahatra ho tsinontsinona eo anatrehan'Andriamanitra.
**Joba 42:1-6:** Teny farany nataon'i Joba mialoha ny famaranan'Andriamanitra ny asany taminy ary ny nahafatesany (Joba 42:7-17).
**Mihavao ao amin'ny Tompo ny mino** ary mihavao hatramin'ny farany. Ireto no dingam-pihavaozan'i Joba mialoha ny nahafatesany:

## 1 – Manaiky ny fahalehibiazan'Andriamanitra (andininy 1-2)

Joba 42:1-2
Ny fahalehibiazan'ny asan'Andriamanitra sy ny drafitr'asany.

**FAMPIHARANA:**
Ny olona tsy mijery afa-tsy ny fahoriany dia voafetra. Tafahitsoka fa tsy mihavao.
Ny olona miondrika amin'ny fahavoazany dia voafetra. Faribolana kely manodidina no sisa heveriny: Tavela eo izy.

- **Ohatra:** Asafa (Salamo 73).
- **Ohatra:** Jesoa Kristy "Nahoana no dia nahafoy ahy IANAO?"

**ANTSO:**
Ny olona mibanjina an'Andriamanitra miasa sy misaina ny momba azy no afaka hihavao (Jeremia 29:11 ).

---

## 2 – Manaiky hianatra (andininy 3-5)

Joba 42:3-5
Miara-manaiky isika fa ny fianarana dia manavao sy mampandroso.

- **Ohatra 1:** Mpanarato trondro rehefa nanaiky ho mpianatra dia lasa mpanarato olona.
- **Ohatra 2:** Timoty nianatra ny Soratra Masina fony vao zaza dia tonga mpitondra fiangonana.

Joba niainga teo amin'ny tsy fahalalana, nanomboka teo amin'ny fandrenesana ka tonga tamin'ny fahitana: Nihavao sy nitombo tamin'ny fahalalana sy ny fifandraisana tamin'Andriamanitra

izy.

**FAMPIHARANA:**
Olona mionona amin'ny fandrenesana ka tsy mihavao. Tsy mety ho tafahaona amin'ny Tompo.

**ANTSO:**
Ny olona mianatra mandrakariva sy mitombo fifandraisana amin'ny Tompo no afaka hihavao.

---

## 3 – Manaiky ny fahadisoana (andininy 6)

Joba 42:6
Fatra-panome tsiny sy nifanditra lava tamin'Andriamanitra i Joba nandritra ny fijaliany. Ety am-pamaranana dia manaiky ny fahadisoany tamin'izany izy.

- **Ohatra:** Asafa ihany "Ketrina aho ka tsy nahalala, eny biby teo anatrehanao aho" (Salamo 73:22).

**FAMPIHARANA:**
Raha misy olona tsy anantenam-pivoarana dia ny olona tsy manaiky diso. Raha misy olona tsy anantenam-pihavaozana dia ny mpanamarin-tena.

**ANTSO:**
Ny olona manaiky ny fahadisoany ary mamela ny fahamarinan'Andriamanitra hanavao azy no afaka hihavao.